## *Dina Fehizoro*
## *Soatoavina 12 loha hampijoroana sy hanandratana ny Firenena*

**Amin'ny ataoko rehetra, asa, fihetsika sy fiteny, amin'ny maha-zanak'i Madagasikara sy ny vahoaka ahy, ary izany dia ho entiko mavitrika ho fomba tanterahina eo amin'ireo sehatra rehetra iasako sy iadidiko ary ananako andraikitra, amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra ;**

**Amin'ny mahamasina ny soatoavina maha-malagasy navelan'ny razana, amin'ny mahamasina ny asa natombok'ireo nialoha lalana rehetra nitoto nahafotsy ho fanasoavana ny Tanindrazana ;**

**Amin'ny maha-Nosy Masina an'i Madagasikara izay lovako sy lovanao, ary ho fanatitra ampitondraintsika miaraka ny fara sy ny dimby ;**

**Dia ataoko ankehitriny ny velirano fa hanaja ity dina ity aho ka ho porofo velona miatomboka anio amin'ny :**

**1. - fanalavirana ny herisetra eo amin'ny fanatanterahana ny adidiko**
**2. - tsy fanavahana satria mitovy isika na tsy sahala aza**
**3.- fanesorana hatramin'ny fakany ny fahantrana**
**4. - fanatanterahana ny lokaloka sy ny fianianana izay atao**
**5. - fananana faharetana tsy andevenana ny rariny**
**6. - famelana ny heloka ao anatin'ny fampisehoana ny Marina ibabohina**
**7. - fifampihavanana ao anatin'ny fifanajana**

**Ary satria ny soa iombonan'ity Taninjanatsika ity dia mitaky fitantanana mari-toerana izay hany fanoitra mahatoky mitondra amin'ny Fampandrosoana tena izy miteraka fiadanana mirindra ho an'ny tokan-trano rehetra sy ny faritra rehetra, dia ataoko ankehitriny ny velirano fa izaho dia ho:**

**8. - ampinga mahefa ho an'ny Demokrasia**
**9. - fanilo manazava mitondra sy miaro ny Fahamarinana sy ny Zon'Olombelona**
**10. - rantsana mavitrika mampivelatra ny Soafitantanana ny hoavy sy ny haren'ny fireneko ao anatin'ny fanjakana tan-dalàna fehezin'ny mangarahara sy ny fifanatonana amin'ny vahoaka manao andrimaso**
**11. - tily mandray adidy amin'ny fikatsahana ny Fahombiazana miteraka harena ho an'i Madagasikara sy ny mpiara-monina tsivakivolo tsy hanapotehina na handravana ny harena foin-janahary, manara-maso ny fitrandrahana manaja ny tontolo iainana manasoa sy manabe voho fa tsy manapotika ny lova.**

**Satria ny fifampizarana ny fahalalana amam-pahaizana, ny traik'efa amam-pahendrena no mampahavo lenta ny zanaky ny Firenena, satria ny fifanakalozana sy ny loabary an-dasy no mampamiratra ny hoavy ka hampiadana ny ambanilanitra dia tsy hitsahatra aho ny :**

**12.- hisafidy sy hankato ny Fifampidinihina.**